Hoy aho, ry irak'Allah : Iza no hajaiko indrindra? Dia namaly izy hoe : “Reninao, avy eo ny reninao, avy eo ny reninao, avy eo ny rainao, avy eo ny akaiky indrindra, ary ny akaiky indrindra.”

Tatitra azo avy tamin'i Bahz ibn Hakim, tamin'ny rainy, tamin'ny raibeny, niteny manao hoe : Hoy aho, ry irak'Allah : Iza no hajaiko indrindra? Dia namaly izy hoe : “Reninao, avy eo ny reninao, avy eo ny reninao, avy eo ny rainao, avy eo ny akaiky indrindra, ary ny akaiky indrindra.”

[Tsara] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì ary Ahmad]

Nanazava i Mpaminany (S.A.W) fa ny olona mendrika hajaina indrindra sy hanaovana asa soa ary iarahana amin'ny hatsarana sy fahaiza-miaina sns : iny, dia ny Reny, ary nanantitrantitra ny zon’ny reniny tamin’ny hafa izy tamin’ny famerimberenana izany intelo. Mba hanehoana ny maha-ambony azy amin'ny olon-kafa rehetra tsy an-kanavaka. Dia hoy i Mpaminany (S.A.W) nanazava hoe iza no olona tokony hajaina manaraka : Avy eo ny ray, avy eo ny akaiky indrindra, ary ny akaiky indrindra amin'ny havany, ary ny akaiky kokoa azy no mifandray akaiky kokoa noho ny lavitra indrindra.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/58188